

Édition Malgache

JÉSUS VIVANT EN MARIE

NO 11 AVRIL 2019
Bulletin Mensuel de
Formation et d'Information

Association Marie, Reine des Coeurs




MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Viale dei Monfortani, 65, 00135 Rome - ITALIE ;
Tél. (+39) 06-30.50.203 ; E-mail: rcordium@gmail.com

Merci au Père Jean-Claude, Jedy, Fanja et Fanny



FANOKANAN-TENA SY FAHATONGAVANA HO NOFO



Fa maninona no nasongandina manokana tao amin'io fanokanan-tena io ny misterin'ny fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo?
Satria ny mba hitovizan'ny olombelona endrika amin'Andriamanitra no anton'ny Fahatongavana ho nofo (ASE 42-46, VD 157). Ny tanjon'ny Fanokanan-tena koa anefa dia mitovy amin'izany tsy misy valaka: dia ny mba hitovizan'ny olombelona endrika amin'Andriamanitra. Na ny Fahatongavana ho nofo, na ny fitovizana amin'Andriamanitra dia mampiseho ny fiombonan'asa tsy tapaka eo amin'ny Fanahy Masina sy i Maria Virjiny; satria io fitovizana endrika amin'Andriamanitra io dia fanohizana ny Fahatongavana ho Nofo. Hoy Montfort:

"Olona sy Lehilahy iray teraka tao aminy: Homo et homo natus est in ea. Araka ny fanazavana nentina Aba vitsivitsy dia Andriamanitra-Olombelona no olona teraka tao amin'I Maria voalohany, dia i Jesoa Kristy. Olombelona tsy misy fangarony kosa ilay olona faharoa, izay natsangana ho zanak'Andriamanitra sy Maria. Noho izany, raha i Jesoa kristy, lohan'ny olona rehetra, nateraka tao Aminy dia tsy maintsy ateraka ao Aminy ihany koa ireo voafidy, handrafitra ratsam-batana ho azy Lohany". (VD 32)

Ao anatin'ny fitohizan'ny misterin'ny Fahatongavana ho Nofo, ao amin'ny vanim-potonan'ny Eglisy no tanteraka ny asan'i Maria, tahaka ny "lasitran' Andriamanitra": "forma dei"; satria heverina fa izy irery ihany no lasitra mamolavola sy manamboatra ireo zanak'Andriamanitra". Izay tafiditra ao anatin'io lasitra masina io, tsy ho ela dia ho voavolavola sy ho voarafitra ao Jesoa Kristy ary i Jesoa kristy ao aminy: afaka fotoana fohy, amin'ny sarany kely monja dia ho zary andriamanitra kely izy, noho izy natao tao anaty lasitra izay namolavola an'Andriamanitra ihany koa"(VD 219). Maneho ny mampahomby an'io lasitra io i Montfort no milaza hoe:

"Tsy nahalala ary tsy mbola nahita mihitsy aho fanajana sy fanehoam-pitiavana an'i Masina Maria ka sahala amin'ity tiako tenenina ity, izay tena mila fanahy voasedra ho an'Andriamanitra, manaoana azy, ambonin'ny tenany sy ny fitiavany manokana, mitahiry azy ampahatokiana ao anatin'ny fahasoavana, ary ny fahasoavana ao aminy, izay mampiray azy feno sy am-pahatsorana indrindra amin'I Jesoa Kristy; farany, izay feno voninahitra ho an'Andriamanitra; manamasina ho an'ny fanahy ary ilain'ny hafa" (VD 118).



Izany indrindra no nahatonga an' I Montfort nanao fampitahana kristologika tsara raha nanasongadina izy fa "lalana latory" **ny Fanokanan-tena**; mba hanasongadinana ny maha ivon'ny Fahatongavana ho nofo ho toy ny lalana fototra (VD 120). Manazava izany amin'ny teny, maneho ny fetra maha saro-takarina azy, ao amin'ny fibanjinana ny misterin'I Kristy, i Montfort.

"Lalana latory ihazoana sy iraisana amin'i Jesoa Kristy io fanehoam-pitiavana sy fanajana an'ilay Virjiny Masina io, satria i Masina Maria no tena lafatra sy masina indrindra amin'ny zava-boary ary, i Jesoa Kristy kosa, izay tonga tanteraka teto amintsika, dia tsy mba nifydylalan-kafa tamin'ny fitsidihana lehibe sy mahatalanjona nataony. Ilay Avo indrindra, ilay tsy hita pesipesenina, ilay tsy taka-maso , ilay Misy; naniry ho tonga eto amintsika izay kankana kely mandady amin'ny tany sy tsinotsinona izy. Ahoana ary no nahatanteraka an'izany? Ilay Avo indrindra no nidina feno tanteraka sy tamimpahamasinana hatrety amintsika, tamin'ny alalan' i Maria, henikin'ny fanetren-tena; saingy tsy misy very ny maha Andriamanitra sy loharonom-pahamasinana azy. Noho izany, tsy maintsy amin'ny alalan' i Maria koa no isandratan'ireo madinika any amin'ilay Avo indrindra amim-pahalavorariana sy am-pahamasinana tsy misy isalasalana. Ilay saro-takarina dia nanaiky tanteraka ho fantatra sy hoentin'ilay Maria kely; saingy tsy nisy very ny fahalebeazany; mbola io Maria kely io ihany koa no tsy maintsy ekentsika hitondra sy hitantana feno antsika tsy misy anavahana. Ilay tsy taza-maso izy tenany, tamim-pahafenoana sy latory tanteraka ary tena akaiky Izy no nanantona sy niombona tamin'ny fomba maha olombelona antsika, tamin'ny alalan'I Maria, saingy tsy nanary ny fiandrianany izany; mbola amin'ny alalan'I Maria, araka izany, no tsy maintsy anatonantsika an'Andriamanitra sy iraisantsika amimpahalavorariana sy feno ary akaiky kokoa amin'ny fiandrianany, ka tsy hanahy ny ho voailika. Farany, Ilay Misy dia te ho tonga eo amin'ny mbola tsy misy ka hanova an'ireo mbola tsy misy ho Andriamanitra na Ilay Misy; tena notaterahina tokoa izany tamin'ny fanolorany ny tenany sy fanekeny feno tanteraka an'Ilay Maria, Virjiny sy tanora, izay tsy nitsahatra ho Ilay Misy mandrakizay tao anatin'ny fotoana rehetra;

mbola amin'ny alalan'I Maria hatrany no ahafahantsika ho tonga hitovy endrika amin'Andriamanitra amim-pahasoavana sy voninahitra na inona na inona endrika fahambanantsika, amin'ny alalan'ny fanolorantsika tena feno sy lavorary tanteraka aminy ; tsy ho tsinotsinona araka ny iheverantsika azy isika ary honina ao

aminy tanteraka, tsy hiahiahny hoe hamitan-tena" (VD 157).

Izany rehetra izany dia manampy antsika hahazo ny antony itenen'i Montfort amintsika hoe "Ny misterin'ny fahatongavana ho Nofo no mistery fototra ankalazaina sy omen-kasina ao amin'io fitiavana sy fanajana io" (VD246).

Arnold SUHARDI SMM

JOÃO MONLEVADE, BRÉSIL:
Fivorian'reo tompon'andraikitra ao amin'ny
GAMO (GRUPO AMIGOS DE MONTFORT)



Ny asabotsy 16 Febrero lasa no nivory ireo solontena - nisy 15 izy ireo - avy amin'ny GAMO (*Grupo Amigos de Montfort*) São Paulo, Passos, Contagem, Nova Contagem, João Monlevade ary Rio de Janeiro.

Ireo ivon-toerana Gamo dia samy manana fampiofanana sy iraka samihafa toy ny: fivoriana eo an-toerana, fivoriana eo amin'ny samy GAMO, fihatahana masina, Lamesa ,fivahinianana masina, fihaonana amin'ny samy

kontinata, fitsidihana ireo marary, fanangonana fitafiana ho an'ny mahantatra, misionera amin'ny alalan'ny fampitam-baovao (youtube sy Facebook) ary iraka miantefana amin'ny vahoaka.



Ireo fanamby mahazatra dia mifandray amin'ny firindrana maty paika eo amin'ny samy GAMO, fifandraisana amin'ireo Pretra tompon-paritra isaky ny paroasy, faharetan'ny mpikambana, ny filàna ara-bola ho an'ny fandehanana lavitra, ny fanaovana pirinty ny asa soratra madinika ary ny

fomba ampidirana ny haim-panahy ao anaty ny iraka.

Tao anatin'ny fanamarihan'i Frère Yvan Passebon, vicaire général ny Frère Saint Gabriel teo aloha, izay nanatrika ny fotoana, no niresahany teboka 2: Voalohany, ny GAMO dia tokony Trano sy Toerampianarana ho an'ny Fiombonana (cfr novo millennio ineunte, 43)- Faharoa, ny ilana ny kitapon-bola fifanampiana amin'ny samy mpikambana.

Ireo teboka roa nolazainy ireo dia hodinohana misimisy kokoa amin'ny mpikambana ary ny tompon'andraikitra GAMO eo amin'ny sehatra nasionaly.

Amin'izao fotoana izao, ny iray amin'ny tanjona fototrity favoriana ity ny fifanakalozana mahakasika ny fihaonana kontinataly ireo laika "associés" eo amin'ireo Fikambanana montfortanina 03 amin'ny taona 2020 izay ho tontosaina ao amin'ny paroasy Perus, Sao Paulo Brésil.

Tohizo ny asa, ny iraka! Ny rahalahintsika, Louis-Marie de Montfort, dia manohy manentana sy mivavaka ho antsika. (Arnold)



CONSECRATIO MUNDI LIMA, PÉROU

Ny alahady 04 mars 2019, tao amin'ny Scolasticat Montfortain tany Lima, Pérou, no nivory ireo mpandrindra sy mpikambana ao amin'ny Consecratio Mundi mba hanamafy ny fanomanana rehetra momba ny fanatanterahana ny Kongresy iraisam-pirenena izay hatao ny 16 hatramin'ny 18 aogositra hoavy izao.

Io fivoriana io dia notarihin'i Atoa Alfredo SUASNABAR (Filoha nasionaly) sy Rtoa Miriam GOMEZ (Sekretera).

Ny lohahevitra lehibe hodinihina mandritra ny kongresy dia : "Mandeha mankany amin'ilay Fanjakana", lohahevitra notsoahina indrindra tamin'izay vaolaza tao amin' Ny Tena Fitiavana sy Fanajàna an'i Masina Maria laharana 217.




P. Luizinho, nanatrika io fivoriana io, dia afaka naneho ny ahiahiny manoloana ireo hetsika marobe ataon'ireo fikambanan-dreljiozy sy "ankohonana" ao amin'ny Fiagonana mandray ireo fampianaran'i Montfort amin'ny heviny hafa arak'izay tiany; izany

dia amin'ny fananana fomba fijery ny Fiagonana tsy mitovy amin'ny an'ny Konsily Vatikana faha-II.

Ity hetsika iraisam-pirenena momba ny fitioriana ny vaovao mahafaly amin'ny endriny vaovao ity, izay

efa misy ankehitriny amin'ny firenena 22 any Amerika, Eropa sy Azia, dia naorin'i P. Luka Cirimotic, Misionera montfortana (1929-2006), tany Roma ny 31 janoary 1991.



Anatin'izany kongresy iraisam-pirenena ho avy izany ary dia manatanteraka hetsika maro ny mpikambana ao amin'ny Consecratio Mundi. Ireo izay liana ny hahafantatra bebe kokoa dia afaka mijery izany ao amin'ny :

Web: <http://www.consecratio-mundi.com/>

Facebook: CONSECRATIO MUNDI Perú
(Arnold)

Photo :
Le P. Luciano Ciciarelli SMM
Un des promoteurs de Consecratio Mundi

GAMO MIRIM OR FIKAMBANANA TANORA NAMAN'I MONTFORT AO PASSOS, AU BRÉSIL



Misy mpikambana 20 ao anatiny, ary manelanelana ny 8 hatramin'ny 14 taona izy ireo. Isaky ny alarobia amin'ny 6ora sy sasany hariva izy ireo no mivory any amin'ny Casa Sao José.



Ny asa ataoñ'izy ireo dia ny fihirana any am-piangonana (Chorale). Any amin'ny paroasy Nossa Senhora da Penha sy Sao Luis Maria de Montfort, izay misy azy ireo no ihirany.



Manao seho an-tsehatra koa izy ireo (teatra), miventy ny Vavaka Fanomezam-boninahitra an'i Masina Maria ary manao sable. (Adriana Orlandi)



Le 28 avril 2019
Bonne fête de
Saint Louis-Marie Grignion de Montfort